*****

**FAMPITAM-BAOVAO**

*****

## JIRAMA -192 FOKONTANY: HIARA-HIASA HIADY AMIN’NY KOLIKOLY

Isan’ireo andry lehibe iankinan’ny fanarenana ny orinasa JIRAMA ny ady amin’ny kolikoly. Ny 24 Janoary 2024 no nohavaozina ny fifanaraham-piaraha-miasa eo amin’ny orinasa sy ny Birao mahaleo tena miady amin’ny kolikoly (BIANCO. Voafaritra mazava ao anatin’io fiaraha-miasa io ny andraikitry ny ankolafiny roa ka ho an’ny JIRAMA dia isan’izany ny fampandehanana ny rafitra miady amin’ny kolikoly na ny Structure Anti-Corruption na “STAC”.

Ny andraikitry ny STAC dia ny fametrahana ny paikady anatiny hiadiana amin’ny kolikoly eto anivon’ny orinasa, amin’ny Mpanjifa sy ireo rehetra mifandray arak’asa amin’ny JIRAMA, fampianarana sy fanentanana ny rehetra handà sy hiady amin’ny Kolikoly, fanenjehana araka ny lalàna izay tratra manao kolikoly.

Nisy arak’izany ny famelabelarana mahakasika ny kolikoly sy ny STAC tamin’ireo Filohan’ny Fokontany 192 eto Antananarivo renivohitra, izay notronin’ny Lehiben’ny Prefektioran’Antananarivo, ny Jeneraly Ravelonarivo Angelo, ireo lehiben’ny Distrika, ny Tale Jeneralin’ny orinasa JIRAMA, Ron Weiss sy ny solotenan’ny BIANCO, teny Anosy.

Maro ireo tranga kolikoly hita eny amin’ny Fokontany mandritra ny fikarakarana ireo antotan-taratasy fampidirana jiro sy rano toy ny Fanamarinam-ponenana na ny fanomezana fanamarinana maha tompon-trano. Misy ihany koa anefa ireo misandoka ho mpiasan’ny JIRAMA ka mitaky vola amin’ny mpanjifa na ihany koa tena mpiaramiasa eto anivon’ny orinasa mihitsy no manao izany asa ratsy izany.

Manamafy arak’izany ny tompon’andraikitry ny ady amin’ny kolikoly eo anivon’ny JIRAMA fa tsy misy fandoavam-bola ankoatra ny eny amin’ny Caisse JIRAMA na ireo fomba ofisialy hafa fandoavam-bola eken’ny Orinasa. Noho izany dia tsy ara-dalàna ny fandoavam-bola ivelan’ireo.

Zava-dehibe arak’izany ny fampiroboroana ny fiaraha-miasa eo amin’ny Fokontany sy ny STAC hahafantarana ny tranga misy mba hahafahana mitondra fanovana sy fanatsarana. Tanjon’ny orinasa JIRAMA dia mba ho orinasa madio. Tsy ekena intsony ny kolikoly na ny fomba fanao ratsy izay mety ho ataon’ny mpiaramiasa eto anivon’ny orinasa JIRAMA toy ny fangatahana vola amin’ny fampidirana jiro, ny fangalarana solika, ny fangalarana vola eny amin’ny caisse sns…, hoy ny Tale Jeneralin’ny orinasa.

Mankasitraka ny fanohanana avy amin’ny Fitondram-panjakana, ny Zandary sy ny Polisy ny tenany ary hentitra nilaza fa izay rehetra tsy mijanona amin’izany fomba ratsy izany dia hampiharana ny lalàna toy ny fandroahana na ny fanagadrana. Efa nampahafantarina ireo mpiaramiasa rehetra izay notsidihany manerana an’i Madagasikara izany ka tato anatin’ny heritaona nitantanany ny orinasa dia olona 30 no efa voasambotra ary nogadraina ary mpiaramiasa miisa 50 no efa niharan’ny fandroahana.

Entanina arak'izany ny Fokontany hampahafantatra ny tranga hitany. Aorian'ny fahazoana ny vaovao dia misy ny fanadihadiana ataon'ny orinasa sy ny ambaratongam-pahefana mahefa ary ny fampiharana ny sazy mifanaraka amin'izany.

Tsara ny manamarika fa ny mpitantana ny orinasa JIRAMA amin'izao fotoana izao dia tsy manaiky ary tsy mandefitra intsony na amin'iza na amin'iza mbola minia manao izany asa ratsy izany. Vonona hiara-hiasa amin'ny Fokontany sy ny rehetra ny JIRAMA hanilika azy ireo. Koa raha misy tranga kolikoly na zavatra mampiahiahy mahakasika ny JIRAMA dia antsoy avy hatrany ny laharana **038 83 000 83**. Misy ihany koa ireo vata fandraisana fitarainana eny anivon'ny masoivoho JIRAMA rehetra.

-------------------------------------------------------------------------------------------------------------------

**COMMUNIQUE DE PRESSE**

*****

**JIRAMA-192 FOKONTANY : MAIN DANS LA MAIN POUR LA LUTTE CONTRE LA CORRUPTION**

La lutte contre la corruption est un des piliers pour le redressement de la JIRAMA. La convention de partenariat entre la société et le Bureau indépendant anti-corruption (BIANCO) a été renouvelée le 24 janvier 2024. Le rôle de chaque partie est bien défini dans ce partenariat et pour la JIRAMA, l'opérationnalisation de la Structure Anti-Corruption (STAC) en est un.

La mission de la STAC consiste à élaborer une stratégie interne pour combattre la corruption au sein de l'entreprise, auprès des clients, ainsi que chez tous les partenaires de la JIRAMA, tout en sensibilisant et mobilisant chacun à refuser et à lutter contre la corruption, et en engageant des poursuites contre les individus corrompus, conformément à la législation.

Une présentation de la STAC et sur la corruption s'est tenue à Anosy, à l'endroit des 192 présidents de fokontany, en présence du chef de la préfecture d'Antananarivo, le général Angelo Ravelonarivo ainsi que des chefs de district, du directeur général de la JIRAMA, Ron Weiss, et des représentants du BIANCO.

Des cas d'incidents de corruption ont été répertoriés dans les fokontany lors du traitement des dossiers pour le branchement d'eau et d'électricité, notamment en ce qui concerne les certificats de résidence et l'attribution de titres de propriété. Cependant, certaines personnes se présentent comme des agents de la JIRAMA et demandent de l'argent aux clients, mais de véritables employés de la société participent également à de tels agissements répréhensibles.

Les responsables de la lutte contre la corruption au sein de la JIRAMA soulignent ainsi, qu'aucun paiement n'est effectué en dehors de la caisse de la JIRAMA ou des moyens de paiement officiels acceptés par la société. Tout paiement effectué en dehors de ces moyens est donc illégal.

Il est crucial d'améliorer la collaboration entre les Fokontany et la STAC pour une meilleure compréhension de la situation actuelle et afin d'apporter des améliorations. La JIRAMA vise à établir une image d'entreprise propre et responsable. La corruption et les comportements inappropriés des employés, comme les demandes d'argent pour l'installation électrique, le vol de carburant ou le détournement de fonds dans les caisses, ne seront plus tolérés, a déclaré le Directeur Général.

Il est reconnaissant du soutien du Gouvernement, de la gendarmerie et de la police, et a affirmé que toute personne ne mettant pas fin à ces mauvaises pratiques sera passible de sanctions dont le licenciement ou l'emprisonnement. Tous les employés de la société qu'il a rencontré dans tout Madagascar ont été informés de cette situation. Au cours de l'année écoulée, sous sa direction, 30 personnes ont été interpellés et placés en détention, et 50 employés ont été licenciés.

Les Fokontany sont encouragés à signaler tout incident observer. Après réception des informations, la société et les autorités compétentes enquêteront et imposeront les sanctions appropriées.

Il est important de souligner que l'actuelle Direction de la JIRAMA n'accepte ni ne tolère quiconque qui continue délibérément cet acte malveillant. La JIRAMA est prête à collaborer avec les Fokontany et tous les acteurs concernés pour éliminer ces pratiques. En cas de corruption ou de suspicion impliquant la JIRAMA, veuillez appeler le **038 83 000 83**. Des urnes de doléances sont également installées dans toute les agences JIRAMA.